# Ilay Voa Tsara Nafafy 27 Mey 2019

# 27 Alatsinainy mey

**Fa Kristy koa aza efa nijaly indray mandeha noho ny ota, ny Marina hamonjy ny tsy marina, mba hitondra antsika ho amin'Andriamanitra.** 1 Petera 3. 18

**Minoa an'i Jesosy Tompo, dia hovonjena ianao sy ny ankohonanao.** Asan'ny Apostoly 16. 31

## Zavatra roa azo atao

Falifaly erỳ ireto tanora vitsivitsy mpitsangantsangana, niresaka teo an-davarangana. Nisy vehivavy iray nanana endrik'irony mpahita irony nandalo teo, hany ka nanontany azy avy hatrany ny iray tamin'ireo tanora ireo hoe : „Azonao lazaina aminay ve ny hoavy ?"

Taitra tamin'izany fangatahana izany ilay vehivavy, kanefa dia namaly hoe : „Mazava ho azy, andraso kely !" Dia naka toerana ilay vehivavy, ary nanodidina azy ireto tanora.

„Nasainareo manambara ny hoavy aho… Afaka manao izany aho, amin'ny alalan'ity boky ity, ary tsy hamitaka anareo". Nasehony azy ireo ny Baiboly.

„Tsy maintsy lazaiko aminareo aloha hoe manao ahoana ianareo, eo anatrehan'Andriamanitra". Dia nanokatra ilay Baiboly izy, ary namaky ny toko faha-3 ao amin'ny taratasy ho an'ny Romana :

— „Tsy misy marina na dia iray akory aza ;
— Tsy misy izay mahafantatra,
— Tsy misy izay mitady an'Andriamanitra.
— Samy nania avokoa izy rehetra ;
— Samy tsy mahasoa avokoa izy rehetra ;
— Tsy misy izay manao ny tsara, na dia iray akory aza".

Dia hoy izy nanohy : „Ary momba ny hoavinareo, dia misy zavatra roa azo atao :

— Izay mino ny Zanaka *(ny Zanak'Andriamanitra)* manana fiainana mandrakizay (Jaona 3. 36).

— Izay tsy mino kosa dia efa voaheloka rahateo, satria tsy nino ny anaran'ny Zanaka Lahitokan'Andriamanitra" (Jaona 3. 18).

Rehefa tsy niteny intsony ilay vehivavy, dia nisy fanginana lalina ; lasa nandeha izy. Nahare ny Tenin'Andriamanitra ireo mpihaino, tokony hisafidy izy ireo.